

Tantara ho an'ny ankizy, Sabatan'ny Fanahin'ny Faminaniana

19 Oktobra 2019

Ilay Vola Tsy Ampy

Iza no mahalala ny atao hoe mpaminany? (*Andraso ny valiny.*)

Ny mpaminany dia olona manampy antsika mba hijery an'i Jesosy! Indraindray dia manome hafatra manokana ho an'ny mpaminany Andriamanitra. Indraindray Andriamanitra dia milaza amin'ireo mpaminany ireo tsiambaratelo izay tsy misy olon-kafa mahafantatra!

Niantso an'i Ellen G. White Andriamanitra ho mpitondra hafatra ho azy, na mpaminaniny, raha vao 17 taona monja izy. Nandritra ny fito-polo taona manaraka, dia nanokana ny fiaiany hanambarana ny fahamarinana momba an'i Jesosy izy.

Indray ririnina, taona maro lasa izay, dia nipetraka tany Oswego, New York i Ellen White sy i James vadiny. Niara-nitarika favoriana sy nanao fampianaranana Baiboly milaza indrindra ny fahamarinana momba ny Sabata Andriamatoa sy Ramatoa White. Ireo mpialoha lèlana antsika amin'izao fiangonana izao dia nilaza fa nitory ny hafatry ny anjely fahatelo izy ireo. Mbola izany moa matetika no iantsoantsika an'io hafatra io ankehitriny. Ingahy White aza dia namoaka ny gazety advantista voalohany tamin'izay ririnina izay. Nantsoiny hoe Ny *Fahamarinana Ankehitriny* ilay gazety.

Nisy olona sasany avy amin'ny fiangonana hafa tao amin'ilay tanàna nahatsapa ho voaelingelina tamin'ireo hafatra avy amin'ny Baiboly ireo. Noho izany, tamin'ny fitarihan' ny lehilahy mpandrahahaha ara-barotra iray tena matotra fatratra, dia nanao favoriana fifohazana ireo olona ireo, tamin'ny fanantenana fa hampivily ny sain'ny olona tsy hirona amin'ny favoriana advantista. Ilay lehilahy mpandrahahaha ara-barotra izay hantsointsika hoe Mr M dia mpitahiry vola ao amin'ny fitantanana-draharaha ara-panjakana eo an-toerana . Ny ankabeazan'ny olona dia tena tohina tamin'ny favoriana nataon'i Mr M. Saingy nisy olona sasany sanganehana sy nisavoritaka saina. Tsy fantatr'izy ireo hoe iza no marina - ilay lehilahy izay nanohana fa ny alahady no Andro masin'Andriamanitra, sa Andriamatoa White, ilay pasitora tanora sy mahantra vao nifindra tany Oswego ary nipetraka tao amin'ny trano nohofaina niaraka tamin'ny fanaka nindramina. Lehilahy nanan-kaja tao an-tanàna i Mr. M. Nilaza izy fa tsy zava-dehibe ary tsy misy dikany ny Sabata.

Sahiran-tsaina tamin'ny fomba manokana Andriamatoa Hiram Patch sy ilay tovovavy tsara tarehy izay efa halainy ho vady. Ahoana no fomba hahalalany hoe iza no marina? Iza no milaza ny marina? I Mr M manko dia toa olona tso-po. Nefa koa, i White mivady dia manana porofo ara-Baiboly ny amin'ny fahamarinana momba ny Sabata sy ny hafatry ny anjely fahatelo.

Tamin'izany fotoana izany, Ellen White dia nomena fahitana avy amin'Andriamanitra izay nanahoana ny tena toetran'i Mr M izay tsy olona marina velively. Ary nomen'ny anjely toromarika izy mba hilaza amin'i Atoa Patch hoe: "Andraso iray volana dia ho fantatralo ny toetran'ireo olona mitarika fifohazana izay mihambo ho mitondra enta-mavesatra ho an'ny mpanota ireo. "

Rehefa nilaza izany tamin'Atoa Patch i Ramatoa White dia hoy izy hoe : "Eny àry fa, miandry aho."

Afaka roa herinandro teo ho eo, raha nivavaka mafy tamin-kafanam-po ho an'ny mpanota tao amin'ny fivoriana fifohazana nataony i Mr M dia nisy lalan-dra tapaka tao amin'ny vavoniny ka dia nentina nody izy. Rehefa noraisin'ny olona hafa ny asan'ny mpitahiry vola tao amin'ny tranon'ny fitsarana, dia nahita tsy fahampian'ny vola tao amin'ny tahirim-bola izy ireo. Betsaka ny vola tsy hita. Nalefa tany an-tranon'ilay mpitahiry volam-panjakana mba hanao fanadihadiana momba ny vola tsy ampy ny sherif (na polisy tamin'izany fotoana) sy ny mpiara-miasa lefitra anankiray. Niditra teo am-baravarana anoloana ny sherif raha nijanona tao an-tokontany kosa ilay mpiara-miasa lefitra . Nahita an'i Mr M teo am-pandriana ny sherif. Nilaza tamin'ny sherif anefa Mr M fa tsy mahafantatra na inona na inona momba ny vola tsy hita.

Tamin'izay indrindra no niditra teo am-baravarana any aoriana ilay lefitry ny sherif niaraka tamin-dRamatoa M. Nihazona kitapo teny an-tanany izy. Niditra tao an-trano izy tamin'ny fotoana indrindra niantsoan'ilay mpitahiry vola an'Andriamanitra mba hanambara fa tsy naka ny vola izy.

Ningain'ilay lefitry ny sherif ambony ilay kitapo nisy ny vola ary nanontany izy hoe: "Inona ity?"

Raha nijanona teo ivelany mantsy ilay manam-boninahitra lefitra tamin'ny nidiran'ny sherif tao an-trano dia nahita an-dRamatoa M nivoaka ny varavarana aoriana nitondra kitapo izay nafeniny haingana tao ambany ranomandry. Ary rehefa niverina tao an-trano i Mme M dia nifanena tamin'ilay manam-boninahitra lefitra izay nanara-maso azy, ary nentiny niverina haka ilay kitapo. Araka ny efa nahianny dia tao anatin'ilay kitapo ireo vola tsy hita. Nosamborina naiditra an-tranomaizina ilay mpitahiry vola. Rava ho azy ny fivoriana fifohazana. Tafintohina noho izany toe-javatra izany ny olona tao an-tanàna.

Fantatr'i Atoa Patch tamin'izay hoe iza no nanao ny marina. Tsy ela dia nivady izy sy ilay tovovavy ary nanaiky tanteraka ny hafatry ny anjely fahatelo, ka nanatevin-daharana ny Advantista mitandrina ny Sabata, sady lasa mambra mahatoky. Tamin'ny fanambarany ireo tsiambaratelo momba ny ho avy tamin'i Ellen White dia nanampy an'i Atoa Patch Andriamanitra mba hino fa ny Advantista dia tena natoky an'Andriamanitra ary nitory ny fahamarinany.

Hanampy anao hatoky an'Andriamanitra sy hankatò Azy ny mpaminany!

Namboarina avy tamin'ny « The County Treasurer and the Missing Money » nosoratan'i Arthur L. White tao amin'ny boky « Campfire Junior Stories from the Days of the SDA Pionneers » (Silver Spring, Maryland : Ellen G. White Estate, General Conference of Seventh-day Adventists, 1963), pp 43, 44.

Ity tantara ity dia nomanina voalohany indrindra ho tantara ho an'ny ankizy tamin'ny Andro manokana ho an'ny Fanahin'ny Faminaniana tamin'ny taona 2005.